# Andro Fiaraha-mivavaka
# sy
# Fifadian-kanina Isan-telovolana

***Manorina Indray Ny Alitara:***

*Mivavaka Mba Ho Tonga Mpianatra*
*Sy Mpanao Ho Mpianatra Ho An'i Jesosy*

Boky tari-dàlana sy hilan-kevitra
Telovolana Fahefatra
Sabata 7 Oktobra 2023

## Fanasana Hivavaka

Manasa anao sy ny fiangonanao izahay mba hiaraka aminay amin'ity andro fiaraha-mivavaka sy fifadian-kanina faha-4 ity.

Ho an'ny taona 2023 ny loha-hevitsika dia "*Manorina indray ny alitara*". Tamin'ireo telovolana teo aloha isika dia nivavaka mba hisian'ny fo tsy voazarazara, alitaran'ny fianakaviana ary ny an'ny tena manokana (telovolana I); mba hahazo hery hitiavana ny Teny, hiaina ny Teny, ary hizarana ny Teny (telovolana II); ary mba hahatonga antsika ho mpanelanelana ho an'izao tontolo izao mila fanampiana (telovolana III). Amin'ity telovolana ity kosa isika dia hampifantoka ny vavaka ataontsika amin'ny **fiainana amin'ny maha-mpianatra marina sy mpanao ny hafa ho mpianatr'i Jesosy** .

Ity fonosana tahirin-kevitra ity dia mizara soso-kevitra, loha-hevitra ary andinin-tSoratra Masina vitsivitsy izay hanampy anao hanao drafitra. Na izany aza, dia mampirisika anao izahay mba hisintona amin'ny aterneto ilay bokikely momba ny maha-mpianatra *The Way Back To The Altar* (*Ny Làlana Miverina Amin'ny Alitara*) mba hahazoana hevitra bebe kokoa, indrindra rehefa miomana hizara ny Fitsipika 1 sy Fitsipika 2 momba ny Fiverenana eo amin'ny alitara mandritra ity andro fiaraha-mivavaka manokana ity. Ireo fitsipika kanto isan-karazany ireo, momba ny fiarahana mandeha sy ny fizarana an'i Jesosy isan'andro, dia efa ampiharin'ny mambra maro ao amin'ny fiangonana maneran-tany. Ireo fitsipiky ny maha-mpianatra ireo dia fanalahidin'ny fanandramana ny tena fifohazana amin'ny Fiverenana amin'ny Alitara - fifohazana izay azo tohanana sy ampitaina amin'ireo taranaka mandra-pihavin'i Jesosy.

Ny Andro Fiaraha-mivavaka amin'ity telovolana ity dia ahitana fanantitranterana ny fianarana Baiboly ataon'ny tarika madinika, kanefa asio fotoana ampy hivavahana ho an'ny lohahevitra tsirairay rehefa ianarana izany, satria ny Fanahy Masina ihany no afaka mamelona ny Teny ao am-pontsika. Ary ny Fanahy Masina ihany no afaka manao ny fianarantsika ny Baiboly haharitra sy hahomby.

Ny teny avy amin'ny tsindrimandry dia milaza amintsika manao hoe: "*Raha azontsika jerena ny asa ataon'ny fitaovana olombelona rehetra, araka ny fomba fisehony eo anatrehan' Andriamanitra, dia ho hitantsika fa ny asa vita amin'ny alalan'ny vavaka betsaka ihany, izay nohamasinin'ny fahamendrehan'i Kristy, no haharitra ny fitsapan'ny fitsarana" (Christian Service, p. 263).*

# Loha-hevitra ho amin'ny Sabata sy Soso-kevitra momba ny Fandaharam-potoanan'ny Fiaraha-mivavaka

**Lohahevitra**:

Manorina Indray ny Alitara: Mivavaka mba ho tonga Mpianatra sy Mpanao ho Mpianatra ho an'i Jesosy

Jesosy dia miantso antsika ho tonga mpanarato olona. Nefa voalohany indrindra, "Hoy Jesosy tamin'ny mpianany: Raha misy olona ta-hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany sy hitondra ny hazo fijaliany ka hanaraka Ahy." ( Mat. 16:24 ).

Ireo izay mikatsaka ny hanao mpianatra ho an'i Jesosy dia asaina hanaraka ny fomba fanaony tsy lefin'ny fotoana toy izao: "Ny fomban'i Kristy irery ihany no hanome fahombiazana marina amin'ny fanatratrarana ny olona. Nifangaro tamin'ny olona ny Mpamonjy toy ny olona iray izay naniry ny hahasoa azy ireo. Naneho ny fangoraham-pony tamin'izy ireo Izy, nanompo teo amin'izay nilainy ary nahazo ny fitokisan'izy ireo. Rehefa izany dia nandidy azy ireo Izy ka nanao taminy hoe: 'Manaraha Ahy'" *(Gospel Workers, p. 363).*

**Tanjona:**

Manantena izahay fa ny mambra dia handray tsara ny fanadihadiana momba ny Fiverenana amin'ny Alitara ary hahatsapa indray ny ilàna ny fananganana isan'andro ny alitarany fanompoam-pivavahana. Enga anie isika rehetra hanatona an'i Jesosy amin'ny maha-isika antsika izao ary hanolo-tena tanteraka ho Azy amin'ny maha-Tompo azy. Eo am-panohizana ny diantsika amin'ny maha-mpianatra antsika (miaraka amin'ilay boky kely hoe *The Way Back to the Altar),* dia enga anie isika ho tonga mpanao mpianatra mavitrika ary hampita ireo fitsipika ireo amin'ny hafa.

**Sabata maraina:**

Manoso-kevitra anao izahay mba handamina ny fanompoam-pivavahana mandritra ny Sabata manontolo mifototra amin'ny lohahevitra, ao anatin'izany ny hira fantenanao, ny tantaran'ny ankizy, ny zavatra ifantohan'ny toriteny, ny fanontaniana momba ny fandalinana, ny fijoroana ho vavolombelona manokana, ary ny fanasana hivavaka. Ireto andinin-teny manaraka ireto dia mety hanampy amin'ny fanaovana drafitra.

**Andalan-tSoratra Masina mitrandraka ny dikan'ny hoe tena mpianatr'i Jesosy**:

- Mat. 4:18–20; Jaona 8:31, 32; Jaona 13:35; Jaona 15:7, 8
- Mat. 16:24; Mat. 28:19, 20; Asan'ny Apostoly 1:5, 8

**Miverina amin'ny Fanadihadiana momba ny Alitaran’ny Maha-mpianatra**:

Mampirisika izahay ny hanaovana fanadihadiana tsy asiana anarana rehefa eo avokoa ny ankamaroan'ny mambran'ny fiangonana. Ny fandraisana ny fanadihadiana dia mitondra fahazavana vaovao momba ny ilana ny fanorenana indray ny alitaran'ny fanompoam-pivavahana isan'andro. (Jereo ny rohy momba ny fanadihadiana eo amin’ny pejy manaraka.)

**Vavaka amin’ny tolakandro sy fandaharana fianarana Baiboly**:

Manoso-kevitra izahay hanokanana 4-7 ora ho an’ity fandaharana fiaraha-mivavaka sy fianarana Baiboly ity amin’ny tolakandro. Araho ny fitarihan’ny Fanahy Masina anareo.

**Fitsinjarana ny fandaharam-potoana ho an’ny tolakandro (miaraka amin’ny soso-kevitra momba ny fe-potoana)**:

| | |
|---|---|
| • **Fotoana ho an’ny vavaka** | Miaraka mihira (15 min.) |
| • **Zavatra ifantohana amin’ny tolakandro** | Mizara ny valin’ny fanadihadiana ary mivavaka ho an’ny vokatra azo (10–15 min.) |
| • **Fotoam-piderana** | Fiderana amin’ny alalan’ny vavaka iombonana amin’ny maha-vondrona iray (15–30 min.) |
| • **Fiaiken-keloka** | Fotoana ho an’ny tena manokana, avy eo ny tarika madinika miaraka mivavaka (15–30 min.) |
| • **Mivavaka araka ny Teny*** | Miaraka mivavaka mba hanana fo misokatra handray ny Teny (30 min.) |
| • **Tarika Madinika Miara-mianatra †** | Ianaro ny Fitsipika 1 & 2 momba ny Fiverenana amin’ny Alitara, ataon’ny tarika madinika (1–3 ora) |
| • **Mivavaka araka ny Teny*** | Ao anatin’ny tarika madinika iray, dia mivavaha mba ho tonga mpianatra marina (1 ora) |
| • **Famaranana amin’ny Fiderana** | Miaraka indray, manao fiderana sy fisaorana (5– 15 min.) |

• **Sakafo hariva fisaorana** — Ankafizo ny fiaraha-misakafo manokana hamaranana ny Sabata (1–2 ora).

**Mivavaka araka ny Teny*:

(1) Mivavaka mba hanana fo mandray ny Teny rehefa mangataka amin'Andriamanitra ianao mba hahatonga anao ho mpianatra sy ho mpanao ho mpianatra: Ezek. 36:26; 2 Kor. 5:17; Deot. 30:6.

2) Mangataka amin'Andriamanitra mba hahatonga anao ho tena mpianatra ho an'ilay Fanjakana. Sahia mangataka bebe kokoa: Jer. 24:7; Mat. 4:19; Phil. 4:13; Efes. 3:20; Jer. 33:3; Mat. 28:19, 20; Sal. 2:8.

†*Tarika Madinika Miara-mianatra*: Mizara ho tarika madinika misy olona 6–8 ary mitarika ireo vondrona ireo amin'ny fandalinana ny Fitsipika 1 sy 2 avy ao amin'ny Boky Torolalana ho an'ny Fiveranana amin'ny Alitara maha-mpianatra (rohy fampidinana eo amin'ny pejy manaraka). Mandania fotoana betsaka. Ampirisiho ny vondrona hifampiresaka, hamaly fanontaniana, hitady andinin-teny fototra, ary hifanakalo hevitra sy hivavaka momba ny zavatra hitany. Fadio ny mitory. Araho ireo torolalana mba hitazonana ny fotoana ho mahasarika sy hifampiraharaha nefa am-bavaka ihany koa. Afaka mandray anjara avokoa ny sokajin-taona rehetra.

"Tokony hahena ny fitoriana, ary ny fampianarana atao bebe kokoa. . . . Rehefa manakaiky ny farany isika, dia hitako fa hihena ny fitoriana amin'ireny fivoriana ireny, ary hihena ny fianarana Baiboly. Hisy vondrona kely eran'ny tany, miaraka amin'ny Baiboliny eny an-tanany, ary hisy antokon'olona samihafa hitarika fampianarana ny Soratra Masina maimaim-poana sy mifampiresaka. Izany no fomba nampianarin'i Kristy ny mpianany" *(Gospel Workers, p. 407).*